



REPOBLIKANI MADAGASIKARA  
Fitianana • Tanindrazana • Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

-----  
SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES  
-----

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-165

**FIHAONAN'NY SAMIFIN TAMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

Fivoriana Faha-7  
Natao ny  
Alarobia 3 Novambra 2021  
- Tolak'andro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa ANGELE Solange  
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Alarobia 3 Novambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fihaonan'ny SAMIFIN tamin'ny Solombavambahoaka.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivorantsika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriambe izao. Arahabaina torak'izany koa Andriamatoa Tale Jeneralin'ny SAMIFIN sy ianareo tompon'andraikitra isan-tsokajiny mpiara-miasa aminy.

Mialohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-daharaha dia iangaviana ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

**Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mba hahamora ny fandaminana dia iangaviana isika Solombavambahoaka mba samy hanonona ny anarany sy ny laharany hanamarinana ny fahatongavany.

Samy nanonona ny anarany avy ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fanamarihana izay fahatongavana izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny fandaharam-potoanantsika izao tolak'andron'ny Alarobia 3 Novambra 2021 dia fivoriambe hanoloran'ny SAMIFIN ny fomba fiasany araka ny lalàna mifehy azy sy ny lesoka tokony harenina amin'izany lalàna izany.

Ny fananganana ny SAMIFIN dia ho fampiharana ny andininy faha-16 ao amin'ny lalàna laharana faha-2004-020 «sur les blanchiments, le dépistage, la confiscation et la coopération internationale en matière de produit du crime» ary ny Didim-panjakana laharana faha-2007-510 tamin'ny 4 Jona 2007 izay mamaritra ny fananganana sy ny rafitra ary ny fomba fiasan'ny SAMIFIN.

Tsy ho lava resaka aho, fa avy hatrany dia omena anao, Andriamatoa Tale Jeneralny fitenenana.

- 3 -

### **- Fanazavana nataon'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny SAMIFIN -**

#### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Andriamatoa Filoha,

Andriamatoa Mpitantsoratra,

Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara hajaina izay atrehanay amin'izao fotoana izao.

Ny voalohan-teninay dia fisaorana ny Antenimierampirenena nanasa anay amin'izao fihaonana sy fifanakalozan-kevitra izao.

Tombony lehibe amin'ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola amin'ny asa fampihorohoroana ny fahafahantsika mifanakalo hevitra tahaka izao. Manararaotra ny fotoana izahay hizarana ny zava-misy, ny mety ho olana sy ny fanatsarana azo atao ho an'ny tombotsoan'ny firenentsika.

Araka ny voalazan'Andriamatoa Filoha teo, nisy lalàna natao tamin'ny taona 2004 momba ny ady amin'ny famotsiam-bola. Io lalàna io dia nohavaozina tamin'ny taona 2018, izay mitondra ny laharana faha-2018-043. Izany hoe, lalàna vao haingana.

Nohamafisina tao anatinay ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola amin'ny asa fampihorohoroana na ny «lutte contre le financement du terrorisme».

Tamin'ny taona 2008 no nanomboka niasa ny SAMIFIN. Amin'izao fotoana itenenantsika izao, misy ny tombana natao amin'ny «risque de blanchiment des capitaux» sy ny «risque de financement du terrorisme» ary ny «évaluation national de risques» natao tamin'ny taona 2017. Efa nivoaka ny tatitra momba an'io, efa naparitaka any amin'ny sehatra voakasika rehetra, ka hanana andraikitra hanakelezana ny hirika mety hisian'ny famotsiam-bola na ny famatsiam-bola momba ny fampihorohoroana izany.

Ny lalàna tamin'ny taona 2018 io koa dia noraisina noho ny tombana isan-karazany izay natao momba an'i Madagasikara.

Marihana fa ny ady amin'ny famotsiam-bola izay atao hoe "recommandations du Gafi" tamin'ny taona 1987 no nametrahana azy teo anatrehan'izao tontolo izao, tany «Paris». Ireo «recommandations» ireo no ezahan'ny firenena tsirairay avy harahana rehefa mandrafitra lalàna sy ny rafitra entina miady amin'ny famotsiam-bola. Tamin'izany fotoana izany, resaka «trafic de drogue» sy «criminalité organisée» no tena nanjaka.

Taty aoriana, rehefa nanomboka ny asa fampihorohoroana, indrindra tamin'ny 11 Septembre 2001 iny, nampidirina tao anatin'ny andraikitri «Gafi» io koa ny ady amin'ny famotsiam-bola amin'ny fampihorohoroana. Izay no mahatonga ny lalàntsika taty aoriana nisy an'ireo lafiny roa ireo; anaovana tombana foana hoe mifanaraka amin'io «évaluation de Gafi» io ve ary mba efa nisy fivoarana kely koa. Amin'ny ankapobeny tsy dia nisy niova ny lalàna sy ny rafitra eto amintsika.

Ohatra, ny lalàna tamin'ny taona 2018, rehefa vita ny "évaluation national de risques", hita fa betsaka no mbola tsy mitovy amin'ny "recommandations du Gafi". Eo amin'ny rafitra ihany koa, takian'ny "recommandations du Gafi" sy ny rafitra mpandrindra ny ady amin'ny famotsiam-bola ary ny ady amin'ny famotsiam-bola amin'ny fampihorohoroana izany. Isika mbola tsy manana "structure d'orientation et de coordination" ihany koa. Zavatra mbola miandry antsika izay.

Ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famotsiam-bola amin'ny fampihorohoroana dia misy karazana "réseau" tokony hidirantsika. I Madagasikara ohatra dia mpikambana ao amin'ny ESAAMLG, izay fikambanan'ny firenena aty amin'ny Faritra Atsinanana sy Atsimon'i Afrika, momba ny «lutte contre le blanchiment et le terrorisme». Misy «évaluation mutuelle» efa natao, nisy fitakiana manokana ao anatin'io ankoatran'ny «conformité de recommandation du Gafi».

Manana «échéance» isika amin'io zavatra io; misy fihaonana eo amin'ny samy «Service des Renseignements Financiers», ohatran'ny SAMIFIN eto amintsika. Misy fihaonan'ny Governemanta amin'ny alalan'ny «Conseil des Ministres» izay misolo tena antsika, ao ny Minisitry ny Toekarena, ny Minisitry ny Fitsarana izay atao isaky ny volana Septambra.

Amin'ny volana Septambra 2022 dia hisy «Conseil des Ministres» izay ahitan'ny ESAAMLG hoe mbola ho tazonina ho mpikambana ao ve i Madagasikara sa tsia. Inona no dingana efa vitantsika ho fanatsarana ny rafitra araka ny lalàna.

Ny FMI tamin'iny "Facilité Elargie de Crédit" iny, nisy «repère» napetraka nifanarahantsika taminy; anisan'ny notakiana tamin'izany ny «recommandation du Gafi»; ny lalàna voalaza fa tsy maintsy avaozina teo; ny didim-panjakana izay mampihatra io lalàna io; ny fanavaozana ny SAMIFIN sy ny fanatanterahana ny lalàna. Raha niverina teto ny FMI tamin'ny volana Septambra teo dia nanao tombana, ka nasainy nanao "engagement" isika satria tokony efa ho vita amin'ity taona 2021 ity ireo zavatra roa ireo. Tsy vita izany noho ny resaka COVID, ka izay no alaolana na "excuse" nataantsika. Andrasana ny lalàna vaovao, amin'ny volana Martsa 2022, tokony efa hihatra; izany hoe, efa "promulgué" enim-bolana alohan'ny "Conseil des Ministres" izany, fa raha aorian'izay dia horaisin'izy ireo hoe tsy nanao dingana mihitsy isika. Ny "décret d'application" rehefa mivoaka ny lalàna dia horaisintsika ihany koa. Mbola misy zavatra miandry antsika koa noho io "problème de conformité" io satria voasokajy ao anatin'ny firenena anaovana fanaraha-maso manokana i Madagasikara. Ny antony, noho io "risque de blanchiment" io. Izany hoe ao anatin'ny "suivi renforcé" no misy antsika.

Ny "échéance"-ntsika amin'ny herin-taona dia hahatonga antsika hikisaka, hiharatsy kokoa ka ho lasa ao anatin'ny "liste grise" na hiala ao anatin'ny "suivi renforcé" mihitsy aza.

Inona no zavatra mitranga ao anatin'ny "suivi renforcé", indrindra raha hoe latsaka ao anatin'ny «liste grise» isika Malagasy.

Ny mpamatsy vola sy ny mpiara-miombon'antoka dia tsy mametraka vola na tsy mampindrana vola amin'ny toerana izay misy an'ireo "risques" ireo. Hihena ny "aide publique" sy ny "don" ho azontsika saingy raha "conforme" kosa isika dia misokatra ho antsika izany.

Ny lafiny faharoa ara-toekarena koa dia ny resaka "investissement direct étranger", lasa tsy «attractif» intsony i Madagasikatra rehefa tafiditra ao anatin'io lisitra io satria izay no "consulté"-n'ny olona voalohany hoe: raha "pays à risque" dia aleo tsy mampiasa vola any. Izay no mahazava-dehibe amin'ny tokony hidirantsika amin'io "conformité" io.

Marihana fa efa eo ampamaranana ny volavolan-dalàna momba izany ny teknisiana amin'izao fotoana izao. Ny nanaovana azy dia niainga tao amin'ny SAMIFIN satria izy no manana traikefa momba ny "conformité"; izy no nahita ny fahasaratana tamin'ny fampiharana ny lalàna. Novololaina tao aminay izany tamin'ny voalohany ary nentina nakana ny hevity ny mpaintsehatra. Ohatra, akana ny hevity ny "Avocat" satria izy ireo no mahita ny vola mivezivezy izay mety tsy ho hitan'ny fanjakana; na ny hevity ny "notaire, huissier", ny "professionnel des banques, casino, bureau des changes" ary ny sampandrahaham-panjakana izay manana andraikitra amin'ny fampidiram-bolam-panjakana sy ny fifamezivezan'ny vola sy ny etam-barotra eto Madagasikara. Efa vita tanteraka ny "consultation" mikasika an'izay.

Ny atao amin'ity herinandro ity, farafahatarany amin'ny herinandro ambony, harosonay eo anivon'ny Governemanta io volavolan-dalàna io, ka izy ireo no handinika azy, avy eo entina amin'ny Antenimiera roa tonta. Izy ireo kosa no handinika sy handany an'io volavolan-dalàna io.

Ny «engagement» nataon'ny SAMIFIN manokana, mba amin'ity «session parlementaire» ity no hovitaina ny anjaran'ny SAMIFIN ary avy eo manatitra an'izay any amin'ny Governemanta indray. Ity farany indray no mangataka ny hampidirana ny lahadinika ety amin'ny Antenimierampirenena. Tamin'ny fihaonanay tamin-dRamatoa Filoha, momba an'io volavolan-dalàna io dia nangataka izy hoe na mbola any amin'ny Governemanta aza izany, tsara raha alefanareo aty aminay na mbola tsy mi-«saisir» anay aza ny Governemanta mba ahafahanay mandefa ny feonay sahadys. Amin'izay, afaka manao «observation» mialoha izahay mba hahamora ny fandaniana azy rehefa tena tonga ny fotoana. Antenaina fa amin'izao "session" izao no mety ho tafiditra ato izany volavolan-dalàna izany.

Ny zava-tsarotra nolalovan'i Madagasikara, ny fampiharana ny lalàna sy famotsiam-bola. Ny «conformité» ataontsika koa misy karazana antokon'asa, ka tsy maintsy manao «déclaration suspecte» raha mahita zavatra mampiahiahy sady manontany ny «client». Raha ohatra ka tsy maharesy lahatra azy izany dia makany amin'ny SAMIFIN izy manao an'izay "déclaration" izay.

Ny olana voalohany misy, tsy manao an'izany izy ireo satria tsy manana «organe de supervision» na «organe de régularisation» izay afaka manasazy.

Faharoa, fantatsika koa amin'izao fotoana izao ny firoboroboan'ny "monnaie électronique" izay tsy mbola ananantsika ny lalàna mifehy azy. Mbola vitsy ny firenena eran-tany manana an'izany lalàna izany, kanefa io no fomba iray mora ivedizezen'ny vola maloto satria sarotra amin'ny fanjakana ny manara-maso azy.

Fahatelo, ny anjarantsika amin'ny ady atao dia mikasika ny famotsiam-bolan'ny "terrorisme"; ao anatin'izany ohatra ny fiantohana ny "voyage des terroristes", avy any andafy izy ireo no mandeha aty Madagasikara; na avy eto amintsika mihitsy aza no mivoaka any ivelany. Rehefa vita fiofanana eto ireo olona ireo dia alefa any ivelany hanao «terroriste». Marihana fa tsy voaara-maso izy ireny.

Ny olana manaraka, momba ny «recommandations du Gafi» amin'ny "principe de traçabilité": telo no azo entina miady amin'io zavatra io.

Voalohany, ny «traçabilité et transparence»: tokony ho hita daholo ny «flux financier» mivezivezy. Tokony ho fantatra hoe iza daholo no ao ambadik'izany. Misokatra ny «compte bancaire»-n'ny Orinasa iray kanefa tsy fantatra hoe an'iza marina io orinasa io.

Iza no mahazo tombotsoa ao ambadika ao. Tokony ho fantatry ny «institution financière» izay anokafany «compte» izany. Izay no ataontsika hoe «bénéficiaire effectif» na «bénéficiaire réel» satria izay no mangarahara.

Ny «traçabilité» angamba tsy hohazavaiko fa tokony ho fantatra daholo ny “transactions” rehetra takian’ny «recommandation du Gafi» satria mampihena ny finiavana hanao famotsiam-bola ary manamora ny fanadihadiana rehefa tonga amin’ny «opération suspect». Efa misy amin’ny lalàna amin’izao fotoana izao saingy amin’ny lalàna vaovao dia hanokatra «registre national» mijery an’izay daholo ny «institution»-n’ny fanjakana na ny tsy miankina izay manana «données» momba izany. Mbola tsy misy ny lalàna nametraka hoe hasarotina ny fampiharana azy; nafangaron’ny olona ny atao hoe zon’ny olona misitraka izany sy ny «bénéficiaire effectif». Ny lalàna vaovao no hanavaka tsara ny famaritana an’ireo zavatra ireo.

Ny olana lehibe manaraka, ny lalànantsika rehefa nodinohana akaiky ny nahatonga azy niteny hoe: tsy tena matanjaka tsara isika ary mety ho kelikely ny sazy mahazo ny olona; ny «amende» no tiana horesahana eto satria ara-toekarena no lazaina eto. Resaka ara-bola no ambara eto ary vola ihany koa no hamotsy vola ao anatin. Izany hoe, kapaina ny volanao, analana ny volanao. Mbola kely ny sazy, izay no ao amin’ny lalàna vaovao; ka hezahina ny hampiakarana azy.

Izay no fanazavana avy aminay.

Misaotra, Tompoko, naharitra nihaino anay.

- 4 -

#### **- Fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin’ny mpikambana ao amin’ny SAMIFIN -**

##### **Andriamatoa FILOHA**

Isaorantsika Andriamatoa Tale Jeneraly nitondra an’izay fanazavana izay.

Hiroso amin’ny fametrahama-panontaniana isika, koa izay handray fitenenana, iangaviana mba hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Solombavambahoaka voafidy tao Antanifotsy; omena anao ny fitenenana.

##### **Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha sy ianareo eny amin’ny “perchoir”;

Isika namana Solombavambahoaka isany;

Ianareo avy ao amin’ny SAMIFIN.

Alohan’ny hametrahako fanontaniana, tsara ihany, Andriamatoa Filoha, raha manao “présentation” izahay Solombavambahoaka, ary toa izany koa ianareo ao amin’ny SAMIFIN satria misy ohabolana avy any aminay manao hoe: «manahirana, hono, ny mihinana hena tsy fantatra anarana». Miala tsiny, miala fondro aminareo Tompoko, aleo mba esorina ny arovava-oronareo dia samy milaza ny anarany.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Marina dia marina tokoa izany, koa omena anareo ny fitenenana mba hampahafantaranareo ny tenanareo tsirairay avy.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Miala tsiny tokoa fa tena hadino. Izaho no RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN.

- RABEMANAJARY Emilson, «conseiller technique»
- RAVOARAHARSON Erick, «Directeur des Affaires Administratives et Financières».
- RABEMANISA Naina, «Directeur des Etudes et Stratégies».
- PASCAL Marina, «Responsable des Relations Internationales SAMIFIN».
- ANDRIANIRINA Vero, «Directeur Juridique», izy no manao ny «analyse juridique» rehefa misy an'ireny «déclaration d'opération suspect» ireny. Raha ataontsika «terme profan» dia «investigation» no ataon'izy ireo.
- RABE Anjaralalaina Miandrisoa, «Directeur des Recherches et Analyses Financières», ao aminy no fanaovana ny «analyses financières» rehetra sady manao ny «enquête» ao amin'ny SAMIFIN.
- AMBININTSOA Zo, «Assistant juridique» ao anatin'ny «cabinet» momba ny resaka lalàna, ny famolavolana lalàna. Izy avokoa no manao azy.
- RAZOARIHOLY Noroseheno, ao amin'ny «Direction des Etudes et stratégies» ihany koa izy, miandraikitra ny «suivi et évaluation».
- RABEMANANJARA Caroline, «conseiller technique» koa, miandraikitra manokana ny «communication» ao amin'ny SAMIFIN.
- RATSIMBAZAFY Tojo no miara-miasa aminy, manao «couverture» ny asa ataonay izy.
- RAFAHAVELO Onja, «Directeur du Système Informatique» ato amin'ny SAMIFIN, izay no mahatonga azy eo akaikin'ny «ordinateur» eo.

Mamerina ny fialan-tsiny raha nanadino nanao «présentation», Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra ny Tale Jeneraly tamin'ny fanaovana izay “présentation” izay.

Mitodika amintsika Solombavambahoaka izay handray fitenenana.

Mazava ny fanazavan'Andriamatoa Tale Jeneraly.

Omena anao ny fitenenana Andriamatoa Solombavambahoaka Alfred RANDRIAMANAMPISOA voafidy tao Antsirabe II.

### **Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred**

Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra amin'izao tolak'andro izao.

Miarahaba manokana ny avy ao amin'ny SAMIFIN izay nahavita ny “présentation” teo.

Ho anareo avy ao amin'ny SAMIFIN, zavatra tsotra anefa mety ilain'ny firenena eo amin'ny resaka famotsiam-bola izay voalazan'Andriamatoa Tale Jeneraly teo ny ahy.

Tsapantsika ankehitriny fa tsy mbola dia misy ny fifandrindrana eo amin'ny Banky sy ny "Finances" ary ny "Douane" izay fantatsika fa "chaîne" iray tokony ho lehibe satria matetika isika Malagasy manana ny atao hoe "relation internationale" na ny fianakavian'ny banky any ivelany izay tsy hotononiko ny anarany. Tsy amin'ny maha Malagasy ny tena, fa ireo vahiny miasa eto amintsika dia manana ny "relation internationale" ary manana petrabola any ivelany koa izay tena mamotika antsika Malagasy amin'izao fotoana izao. Ny tiako lazaina, ny SAMIFIN ve efa manana politika momba ny volavolan-dalàna tokony hatolotra ny Solombavambahoaka mikasika izay fanatsarana fiadiana amin'ny famotsiam-bola izay. Hanome ohatra aho: raha hividy penina iray ny vahiny iray, vola avy any ivelany no ividianany izany ary rehefa tafiditra eto Madagasikara izay dia voadio ny vola ary tafiditra soa aman-tsara.

Noho izany, misy "analyse" tokony hapetratsika avy ao amin'ny SAMIFIN hijery an'izay zavatra izay. Tokony hisy fifandraisano sy ny "Douane" milaza fa ny vola nividianana an'izay zavatra izay ve avy tany amin'ny Banky sa tsia. Nivoaka avy teto Madagasikara ve sa nisy vola nivoaka avy tany ivelany niditra teto dia lasa madio ny vola. Maro ny sahala amin'izany raha tsy te-hitanisa fotsiny aho, fa izay no zavatra noraisiko ohatra. Satria ao anatin'ny fanaovana "opérateur", rehefa manao "appel d'offres", matetika raisin'ny vahiny satria ny azy vola mitontona avy any ivelany. Ny anao kosa vola avy eto Madagasikara ihany. Tsy handresy azy mihitsy ianao rehefa manao "concurrence internationale".

Tsetsatsetsa tsy aritra izay, fa misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mankasitraka antsika rehetra.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka tamin'izay fitondrana fanazavana sy fangatahana fanampim-panazavana izay.

Omena anao Andriamatoa Tale Jeneraly ny famaliana raha toa misy tianao hambara mikasika izany.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ny fiaraha-miasa efa misy dia tsara ihany ny "système" ananantsika. Vao mihetsika ny mpandraharaha vahiny manao "investissement" dia misy fikarakarana "dossier" aloha.

Raha misy ahiahy ohatra amin'ny Banky, izy ihany no manao filazana amin'ny SAMIFIN ary rehefa mahita "fraude douanière" na "fraude fiscale" izy dia mampandre ny «administration fiscale». Ny mametra antsika dia ny "problème de conformité" sy ny mbola tsy maha-pikambana ny SAMIFIN ao amin'ny «Groupe Egmont» izay «Réseau des Services des Renseignements Financiers» ary afaka mifanakalo vaovao tsy mandalo amin'ny Governemanta koa amin'izay fotoana izay. Ohatra, ny SAMIFIN afaka manontany mivantana ny «Services des Renseignements» any "Maurice" izay malalaka kokoa.

Mbola voafetra isika ka tsy afaka mahafantatra avy hatrany ny anaran'ny «société» ny SAMIFIN hoe efa nanao zavatra tany ivelany io orinasa io. Raha ohatra izy, «société» efa hita tany amin'ny "google", tsy misy olana iny fa raha «société» tsy mbola tonga amin'izay izy fa voasazin'ny departemantan'ny fitsarana any Etazonia ohatra dia tsy hitantsika eto Madagasikara mihitsy izay.

Raha tafiditra ao amin'ny "groupe Egmont" kosa ny SAMIFIN dia mora aminy ny manontany any amin'ny firenena hafa hoe, manao ahoana ity "Société" ity. Izay no mahatonga ny fanatsarana ny lalàna. Ny "conformité" amin'ny «recommandations du Gafi» dia manamora ny fidiran'ny SAMIFIN amin'ny "groupe Egmont" saingy ny SAMIFIN manokana, misy fenittra tsy maintsy arahiny ihany koa. Amin'ny ankapobeny aloha raha ny «système» ananantsika somary efa tsara ihany. Ny olona ve no tsy te-hanao ny fampilazana sa tsia. Iny indray dia misy lalàna anenjehana azy ireo ary ao anatin'ny lalàna vaovao no hanamafisana ny fanenjehana ny banky izay tsy manao fampilazana momba ny "opération" ataony ohatra. Banky no resahaha eto saingy be dia be ny "personne morale" ao anatin'ny zavatra tiana hazavaina.

Misaotra, Tompoko.

#### **Andriamatoa ANDRIANANTAINA Rabemanisa, Talen'ny Fikarohana sy ny Stratejika**

Hanampiako kely ny tenin'Andriamatoa Tale Jeneraly teo, azafady, momba ny banky, ny SAMIFIN ary ny "Douane".

Misy ny "protocole d'accord" eo amin'ny SAMIFIN sy ny "Douane". Io "protocole d'accord" io no ahafahan'ny SAMIFIN miditra mivantana ao amin'ny «base des données»-n'ny «Douane» ohatra. Anisan'izay koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny Vola. Ny SAMIFIN koa dia manana fiaraha-miasa amin'ny FINEC ohatra.

Araka ny notenenina teo, Andriamatoa Solombavambahoaka, hoe misy "flux monétaire" miditra avy any ivelany eto Madagasikara. Rehefa miditra eto Madagasikara io "flux" io dia mampilaza amin'ny SAMIFIN ny FINEC hoe ahoana ny hevity ny SAMIFIN amin'io «flux monétaire» io. Eo no milaza ny heviny ny SAMIFIN hoe misy famotsiam-bola mampiahiahy io na tsia. Araka ny tenin'Andriamatoa Tale Jeneraly teo, raha ataontsika hoe avy any "Chine" na avy any "Angleterre" ny vola miditra eto amintsika dia manontany ny "Service des Renseignements" any aminy izahay hoe: manao ahoana ireo olona ireo, avy aiza ny vola ary ho aiza io vola io. Eo izahay no manao izay zavatra tokony hataonay. Anisan'izay ny fiaraha-miasa amin'ny FINEC. Manana "accès direct" any amin'ny SEGOCE izahay; ohatra amin'ny resaka "flux" sy "renseignements" rehetra izay tadiavina dia manome izy.

Ny lalàna no mameatra ny fomba ahafahanana miditra amin'izay "base des données" izay. Avy amin'izay koa no ahafahanay manamarina ny "flux" rehetra, ahafahanay mijery koa hoe aradalàna ve io "opérateur" io amin'ny "déclaration fiscale" nataony tany amin'ny "Direction Douanière" sa tsia.

Izay angamba, Tompoko, no azo tenenina.

Nidina teny amin'ny toeran'ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Filoha ary nandray fitenenana.

#### **Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré**

Misaotra, antsika rehetra.

Mamerina ny fiarahabana antsika tompon'andraikitra ao amin'ny SAMIFIN, indrindra fa ianao, Andriamatoa Tale Jeneraly.

Arahabaina manokana ianao fa izao angamba vao tonga teto. Asa raha efa nisy tompon'andraikitra tamin'ny «mandat» teo aloha ireo mpiara-miasa aminao ireo.

Ny zavatra tiako itondrana fanamarihana kely dia ny andraikitrty ny "renseignement financier" satria raha ny zava-misy hita eto Madagasikara, betsaka ny vola mivezivezy fa tsy mandalo any amin'ny banky. Tsy fantatro izay paikadinareo hoentina miady amin'izany. Rehefa dinihina, io no anisan'ny mahatonga ny Malagasy, Malagasy hoy aho, isika tsy manavakavaka, tsy marin-toerana rehefa tonga eo amin'ny sehatry ny fandraharahana, satria nisy mpandrahara vahiny tonga, mahavita ny "procédure" rehetra, mahazo ny karatra hoentina miasa. Ny "capital" entina rehefa miasa herin-taona eo izy dia tsy mifanandrify velively amin'ny filazana nataony, ka mampiaiky volana mihitsy. Eo no ametrahako fanontaniana hoe: aiza ho aiza no andraikitrareo amin'izay satria na izahay mba misehatra kely ao anatin'io dia mahita hoe misy vola hafa mivezivezy entin'ireo mpandrahara vahiny ireo izay tsy hitan'ny fanjakana. Tsy fantatry ny fanjakana mihitsy ny fomba entina mitaky hetra aminy.

Fanontaniana manaraka, misy maromaro no miresaka, ny Solombavambahoaka dia mitondra ny feo satria lasa atahorana daholo na ny BIANCO na ny SAMIFIN na ny mpandrahara dia samy mikasa hanafina araka izay azo atao ny vola hoentiny miasa.

Hamaranako azy, raha azo hazavaina, Andriamatoa Tale Jeneraly, ahoana ny fomba entinareo miasa, mba tsy ilazako hoe tsy mikasika anao, fa ny zava-nisy teo aloha no ilazako azy satria "importation" no nataon'ny olona kanefa takiana sy enjehina hoe tsy manao "rapatriement de devise". Misy zavatra ohatry ny mifandiso ihany, izay no anontaniana hoe, ahoana ny mety ho fomba fiasa satria ho sahirana eto isika, tsy ahitana "sereinité" mihitsy. Satria matetika amin'ireny zavatra ireny dia milaza aminareo ao amin'ny "Pôle Anti-Corruption" izahay. Ny zavatra tonga any amin'ny "Pôle Anti-Corruption" anefa iarahantsika mahalala fa mifoifoy volo raha ho afaka na voasazy mihitsy.

Izay no ilaina fanazavana; samy maheno eto isika satria androany no natokana hihaonantsika sy hitondrana fanazavana.

Misaotra indrindra, Andriamatoa Tale Jeneraly sy ianareo mpiara-miasa aminy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka, hajaina.

### **Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mankasitraka ihany koa, Andriamatoa Tale Jeneraly sy ianareo mpiara-miasa.

Ohatry ny somary tsy voavalny ny fanontaniako teo. Miady hevitra isika momba ny hanatsarantsika ny "système". Tahaka ny nambaran'ny Filoha Lefitry avy eto Antananarivo teo no zavatra tiako holazaina, somary efa nohamafisiny teo ihany.

Ny tiako hanontaniana dia manao ahoana ny hanatsarantsika ny "système" amin'izay isika Malagasy mba tafiditra tsara ao anatiny zavatra kendrena.

Marina tokoa ny an'Andriamatoa Filoha hoe ny Malagasy rehefa mandraharaha dia mahazo karatra ara-dalàna avy any amin'ny "Finances", ka afaka mitondra mpandraharaha ho avy eto.

Ataoko tsotra sy mahitsy be ny ahy, ataoko indray mijery hoe ahoana ny fomba hanatsarantsika an'izay. Ataoko hoe misy vahiny iray handraharaha tonga eto Madagasikara, mitondra "100 000 Dollars", hipetraka izy satria manana fianakaviana eto. Ohatra noraisina teo ny "stylo" na PPN na "pneus" dia mandraharaha eto izy; mandeha ny 1 volana, mandeha ny 2 volana dia tafakatra "1 000 000 de Dollars" ny petra-bola any aminy kanefa io petra-bola "100 000 Dollars" io ihany no hitantsika any amin'ny banky. Ny vola izany lasa "valeur" tonga eto Madagasikara. Izay koa no hitantsika fa mampihena ny sandam-bolantsika satria io vola io dia voatazona any aminy, fa ny "100 000 Dollars" ihany no ampahafantariny any amin'ny banky. Noho izany, tsy haiko na any amin'ny "douane" ve no tokony hojerentsika hoe rangahy itsy nanao "importation"-n'izao kanefa ny vola tany amin'ny banky "100 000 Dollars" no ampahafantariny. Ahoana no ahafahana mijery ny "différence" mba hampifandanja ny fanaovana fandraharahana eto Madagasikara. Mitohy amin'ny an'Andriamatoa Filoha teo izay. Isika ve tokony hiaraka hanatsara "proposition de loi" sa ahoana; mba ahafahana mifehy ny tanànantsika satria manjary ohatry ny fandraharahana eto Madagasikara mihitsy no midina. Voatsindry be ary matetika na ny Malagasy te-handraharaha aza dia matahotra satria mety tsy hivoaka ny fandraharahana ataony na mety tsy hahavita hifaninana amin'ny vahiny izy. Andriamatoa Tale Jeneraly, inona no hanatsarantsika ny "système" iray ka hataontsika ho lalàna velona.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Tale Jeneraly na ny teknisiana, entina hamaliana izay fanontaniana izay.

Azafady, manao satroka ny Solombavambahoaka, ka omena fitenenana.

### **Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin**

Azafady, Andriamatoa Filoha.

Saika fanontaniana mifameno amin'ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka namana teo.

Faly miarahaba antsika avy ao amin'ny SAMIFIN.

Henoko tsara ny famelabelarana nataon'ny Tale Jeneraly teo, fa te-hanontany aho hoe hatraiza ny «compétence»-n'ny SAMIFIN. Naheno aho teo fa misy «capitaux» avy any ivelany miditra amin'ny alalan'ny "fraude douanière" eto kanefa raha mamaky ny «documents» dia mahita fa maro ao anatin ny «fraude fiscale». Ohatra, misy orinasa lehibe miasa eto kanefa tsy mandoa hetra; avy eo iny vola azony iny mety hiodina amin'ny zavatra hafa. Hita io zavatra io rehefa akaiky ny fotoam-pifidianana satria maro ny entana tafiditra eto. Aza hadinoina fa misy tompon'andraikitra ambony amin'ny alalan'ny asa eo amin'ny toerana misy azy; mampiasa ny fahefana eo am-pelan-tànany izy dia lasa "source d'avoir illicite".

Tsara apetraka hoe hatraiza ny "compétence"-n'ny SAMIFIN fa misy ny vokany ho an'ny mpanao politika satria rehefa ratsy ny zavatra ataony, lasa mialokaloka amin'ny "immunité".

Rahoviana izahay no tokony handeha any aminareo na any amin'ny PAC; tsara raha azonay amin'izao fivoriambe izao ny daty.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.  
Omena an'Andriamatoa Tale Jeneralny fitenenana.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Momba ny "compétence"-n'ny SAMIFIN; "Service des Renseignements Financiers" izahay, fa tsy «police judiciaire». Noho izany, tsy manana «pouvoir de police judiciaire» ny SAMIFIN. Tsy manao «audition», tsy manao «procès verbale», tsy manao «arrestation» fa rehefa mahazo «déclaration des opérations suspectes» izy na rehefa mikaroka satria tsy miandry ny zavatra avy amin'ireo «établissements assujettis» intsony fa hanetsika ny «réseau» manokana. Ohatra raha misy Zandarimaria, misy Solombavambahoaka, misy Ben'ny Tanàna afaka manome vaovao; misy «opérateur économique» manao hoe ity misy «société» tsy milamina. Rehefa mahazo an'izay ny SAMIFIN dia manao fanadihadiana «financière» sy «recherche juridique». Ny sasany mety ho vavolombelona ihany fa tsy araka ny fampiharana lalàna eny amin'ny Zandary, eny amin'ny tribonaly satria «recueil des renseignements». Rehefa vita ny «analyse» ka mahita ny SAMIFIN hoe misy «fraude fiscale» dia mitohy ny asa. Mandefa tatitra mankany amin'ny PAC izahay. Ny PAC indray no mi-«saisir» ny «police judiciaire» ka mampanao «enquête» azy.

Raha ohatra ny SAMIFIN tsy nahita "blanchiment" fa "fraude fiscale" fotsiny dia alefany any amin'ny "administration fiscale" ao amin'ny DGI indray ny tatitra. Ny DGI no manome ny tohiny amin'izay hanaovany azy indray.

Raha ohatra tsy nisy "blanchiment" kosa dia ny SAMIFIN no mandahatra ny «dossier». Ny zavatra ananan'ny SAMIFIN fahefana dia ny "blanchiment" na ny "financement des terroristes". Raha vola miditra tsy mandalo banky dia tsy mbola «SAMIFIN izay. Ny «administration» andalovany no tokony hanao an'izay. Raha hitany iny dia afaka mi-«saisir» ny SAMIFIN izy.

Misy andraiktry ny "douane" any satria raha "pneus" no tonga avy any dia mino aho fa miditra sambo, miditra botry ary avy hatrany dia mivoaka any amin'ny toeran-kafa. Tsy maintsy mandalo "douane" daholo. Mino aho fa tokony ho hitan'ny "douane" izay. Raha "transport de devise" na vaingam-bola no miditra, ny "police de frontière" no tokony hahita azy voalohany.

Tsy miova ny «principe»; raha misy fandikan-dalàna momba ny famotsiam-bola dia ny SAMIFIN no manana "compétence" mikasika izany. Fanatsarana ny "système" no hataontsika ary apetraka ny fanontaniana hoe: "comment améliorer la capacité de détection» amin'ny «administrations» sasany.

Faharoa, ahoana no hanidiana ny kolikoly tsy hanampina ny mason'ireo "administrations" ireo satria mety ho kolikoly no nahatafaditra azy.

Ny zava-dehibe ataon'ny SAMIFIN, raha tafiditra eto ny vola tsy avelanay hivoaka intsony. Rehefa madio izy miditra eto, tsy tokony ho tafavoaka eto intsony satria isika mila vola hanaovana "investissement". Izay no safidy natao manokana ary misy "responsabilité" hafa ao anatiny.

Mikasika ny fanontaniana hoe, olona manao "importation" kanefa anaovana fanadihadiana fa nanao "rapatriement de devise". Misy teknisiana afaka mamaly an'izay angamba.

### **Andriamatoa ANDRIANANTENAINA Rabemanisa, Talen'ny Fikarohana sy ny Stratejika**

Misaotra nanome ny fitenena.

Mikasika ny fanafarana entana; misy ny fanadihadiana fa tsy nanao ny "rapatriement de devise" tokoa ny olona voalaza.

Ny zavatra matetika mitranga, misy ny atao hoe "usage abusif" na fanararaotana amin'ny "document" ilaina amin'ny fanafarana entana na fanondranana entana. Matetika efa nampiasaina ny antotan-taratasy kanefa ny vola tsy miverina eto an-tanindrazana. Raisina ohatra ny tenin'ny Solombavambahoaka teo hoe "stylo" no resahaha kanefa lasa "pneu" no tonga eto. Ny "document administratif unique" no ahafahany manao ny endrika fandikan-dalàna amin'izany.

Tsy azo adino koa ny resaka "importation" sy ny "exportation" izay misy ny "code de change". Tokony hanaraka ny lalàna daholo ny mpandraharaha rehetra na mpanafatra na mpanondrana entana. Ny olana anefa, misy ao anatin'ny lalàna mametraka azy io kanefa tsy misy olona ambonin'ny lalàna. Nisy fotoana nakana ohatra ny momba ny "tranche de règlement"; ao anatin'io "tranche" io no manararaotra ny mpandika lalàna, mamorona "motif" hafa hoe efa lany daholo ny vola tamin'ny fanafarana entana ary lazainy fa misy "frais". Iny vola iny no tsoahiny ary tsy miverina eto an-tanindrazana intsony ny vola.

Mikasika ny hoe ahoana no fomba hanatsarana ny fitantanana misy any amin'ny banky.

Ny SAMIFIN sy ny sampandrahahara hafa voakasika amin'ny ady amin'ny famotsiam-bola; efa manao fanavaozana ny lalàna isika.

Hamasina ny andraikitr'ireo banky ary ny tanjona dia tokony ho "document" mitovy no any amin'ny banky sy any amin'ny fadin-tseranana satria tsy vitan'ny SAMIFIN samy irery ity ady ity, fa samy manana ny anjara andraikiny ny tsirairay avy. Raha misy ny tranga, tsy tokony hisalasala mandefa ny fanambarana aty amin'ny SAMIFIN.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Afaka mamorona "coopération internationale" ve isika ?

Raha "conforme" isika dia «disponible» ny lisitry ny «bénéficiaires effectifs» io. Ananantsika ny «fichier»-n'ny olona afaka mampandre avy any ivelany. Afaka manome vaovao ho antsika izy ireo. Ny lalàna no mametraka ny "bénéficiaires effectifs" sy manatsara ny fahafahan'ny SAMIFIN mifanakalo vaovao amin'ny "agence" any ivelany. Rehefa «conforme» isika dia tafiditra ao amin'ny «groupe Egmont» izahay SAMIFIN.

Amin'izay fotoana izay, mandeha ny fifanakalozana ary ho mora amintsika ny fahazoana «information» avy amin'izy ireo. Avy eo afaka mandray ny fepetra rehetra tsy ahafahan'ny olona hafa miditra eto amintsika.

Faharoa, rehefa te ho «conforme» isika dia «fluide» kanefa ny zava-dehibe, ny lalàna no ampifanarahana amin'ny «cadre» momba ny fanombanana ny «coopération internationale» izay ataontsika. Afaka mandefa «information» koa ve isika sa tsia. Rehefa «conforme» isika dia ananantsika ny momba ny olona ary afaka mampandre any ivelany koa isika. Amin'izay fotoana izay, afaka manome vaovao ho antsika ihany koa izy ireo. Ny fanatsarana atao dia ny lalàna vaovao no mametra ny “bénéficiaires effectifs” sy manatsara ny SAMIFIN ary afaka mifanakalo amin'ny “agence” any ivelany ihany koa.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Tale Jeneraly.

Omena fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond M. Jo.

### **Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond M. Jo**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Manodidina ny fampiasana vola tsy ara-dalàna; raisina ohatra amin'izany, raha misy olona avy any Ambanivohitra makaty Antananarivo; mety tsy manana “statistique” izy kanefa tonga mivarotra ny vokatra avy any aminy. Avy eo indray izy mividy entana avy any ivelany dia ahodiny iny ka lasa manam-bola vetivety izy. Mety ho tafiditra ao anatin'ny famotsiam-bola ve izay satria vetivety izy dia lasa mpanankarena.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena an'Andriamatoa Tale Jeneraly ny fitenenana.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Hoy Filohampirenena tamin'izaho niresaka taminy: isika tsy hiady na hanakana ny Malagasy tsy hitombo harena. Izaho koa, resy lahatra amin'izany.

Ny fomba fijeriko amin'ny ady amin'ny famotsiam-bola dia fomba anankiray hanosehana ny toekarena. Nandreseko lahatra ny «comité de recrutement» izay nanadina ahy izany ary nadreseko lahatra ihany koa an'Andriamatoa Filohampirenena.

Ny tena atao hoe famotsiam-bola dia misy fandikan-dalàna aloha izay vao mamotsy vola mba hampidirana ny vola indray mandeha amin'ny «circuit normal».

Toy izao no tetikady manokana atao mandritry ny «mandat»-ko: raha ohatra mety ho olona «informel» izy fa tsy tena hoe «délinquant» dia mi-«saisir» ny “Fisc” izahay SAMIFIN ary milaza hoe: ity olona ity dia manao «activité» tsy manara-dalàna. Ny «Fisc» no miantso ary mampiditra azy ao amin'ny ara-dalàna dia milamina ny raharaha; izay izany no izy.

Ny "Fisc" dia mety manoro hevitra amin'ny voalohany, fa rehefa «récalcitrant» ny olona dia mety hiditra amin'ny fanasaziana ihany.

Raha izay ohatra noraisina izay dia azo lazaina ho famotsiam-bola raha ny «définition juridique» no jerena satria «informel» izy, tsy mandoa hetra fa avy eo, lasa mampiasa ny volany ihany. Raha ny fomba fijerin'ny SAMIFIN kosa, tsy izay no tokony handaniana volampanjakana fa ny tena ny famotsiam-bola; ireo «grande délinquance».

Izay no tokony hojerena.

Misaotra indrindra, Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Tale Jeneraly.

Omena anao ny fitenenana ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Iarovana Roland, voafidy tao Toamasina I.

### **Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anareo avy amin'ny SAMIFIN.

Mankahery anareo amin'ny andraikitra sy adidy izay sahaninareo ankehitriny momba an'ity famotsiam-bola sy «lutte contre le financement des terroristes» ity.

Araka ny tenin'ny Solombavambahoaka teo, momba ny resaka «lutte contre l'informel» eto Madagasikara. Angamba tsy iandrasana anareo izany satria 80%-n'ny toekarentsika dia «informel» avokoa. Ny tena andrasana aminareo dia mazava, araka ny tanjonareo, raha tsy diso aho, «lutte contre le blanchiment des capitaux» sy «lutte contre le financement des terroristes».

Izay no tiako hanomezana soso-kevitra. Rehefa maheno ny resaky ny Solombavambahoaka sasany aho hoe: aza avela miditra hiasa eto amintsika ny vazaha fa voasakantsakana izahay. Ataoko fa tsy tsara ho an'ny toekarentsika izany satria mila vola madio avy any ivelany na mila «investissement direct étranger» isika raha tsy izany tsy afaka mandroso. Ekeko fa voasakatsakana isika amin'ny asantsika satria volabe no entin'ny sasany kanefa volabe madio.

Isintonako ny saintsika, Andriamatoa Tale Jeneraly, ny momba ireto zavatra roa manaraka ireto.

Voalohany, mikasika ny lalàna izaynofidinay tato amin'ny Antenimierampirenena momba ny «fonds souverain».

Nanao fanadihadiana ve ianareo mikasika izany satria voafidy izy io, tapaka tato ary Solombavambahoaka 2 ihany no nanohitra azy; ny tenako izao no anisan'izany. Nohazavaiko tsara fa maro ny fitondrana teto Madagasikara, nisy olona nanatona anay mikasika azy io. Tsara ho fantatsika fa izany «fonds souverain» izany dia any amin'ny firenena manam-bola no ahitana azy. Izy ireo no namorona ny «fonds souverain». Firenena manam-bola, manana «excédent budgétaire». Ohatra raha manana «pétrole» izy, manam-bolabe izy ary lasa mamorona «fonds souverain» mba ahafahany mamatsy vola any amin'ny toeran-kafa.

Ohatra, ny ataon'ny any "Koweït", "Qatar" izay fantatsika fa mamatsy vola na ny baolina kitra any Frantsa izao, "Qatar" no mamatsy vola ny PSG. Ohatra izany, satria manam-bola be izy, ny volany izany vola madio avy amin'ny "pétrole" dia mamatsy vola izy; mazava izany.

Isika Malagasy anefa anisan'ny mahattra, isika indray no hanao «fonds souverain». Manitikitika ny saina hoe avy aiza ny vola. Fantatsika fa tsy avy eto Madagasikara ny vola, fa tsy maintsy avy any ivelany. Eo no manintona ny saina hoe: tsy maintsy avy amin'ny zavatra hafahafa izany ny vola hiditra eto. Ireo vola ireo koa efa mitady firenena hampidirana azy kanefa maro no tsy manaiky satria tsy eken'ny mpamatsy vola izany. Eto dia mampitandrina antsika aho, Andriamatoa Tale Jeneraly, hoe mitandrema fa misy lalam-bola ofisialy mazava ary ara-dalànanofidin'ny parlemanta, fa ny tenako no tsy nifidy an'izay.

Ho avy eto izany ny vola maloto. Aza mitady any amin'ny "pneu" any ianareo, fa tsy misy vola maloto any. Ho avy eto Madagasikara izany; tsia, avaho tsara izany. Mazava iny.

Faharoa, ny zavatra tena loza dia ity: nanapakevitra ny fitondrana roa taona lasa izay, fa ny fanondranana ny lavanila dia tsy maintsy 250 Dolara ny iray kilao. Manaova fanadihadiana ianareo amin'ireo mpanondrana rehetra, fa any an-dafy "180 Dollars au maximum le kilo à l'export FOB de la vanille". Teren'ny fanjakana ho "70 Dollars en plus" ny hividiananao azy. Inona no fototry ny olana. Ny fototry ny olana; misy mpandraharaha akaikin'ny fanjakana mbola tsy nanao lavanila mihitsy tamin'ny tantarany; tamin'ity taona ity izy vao hanao lavanila. Izy no lasa manapaka sy mandidy ny fanjakana hoe: tsy maintsy terena ho 250 Dolara daholo satria ao no ahafahana manao «blanchiment» ny vola. Ianareo koa izao mahafantatra fa fandalovan'ny zava-mahadomelina i Madagasikara. Hitantsika tamin'ny fahitalavitra 3 andro lasa izay, nisy tanora maty nitsindrona «héroïne» teny amin'ny 67 ha. Nilaza daholo ny olona teny amin'ny 67ha fa isan'andro ireo tanora ireo no mitsindrona an'izany saingy tsy notenenin'ny polisy, tsy notenenin'ny zandary ary tsy notenenin'ny Ray aman-dReniny. Tamin'ny fahitalavitra no nahitana izany. Impiry ny polisy no mahatratra «cocaïne» sy «héroïne», efa tsy fantatro intsony. Izay no ilazana fa ao anatin'ny «plateforme trafic de drogue» isika.

Ianareo mihevitra fa ny vola avy any ivelany dia hiditra amin'ny «circuit bancaire»; tsia, misy volabe amin'izay eto dia voatery mividylavanila na mividylavatra hafa hanaovana «exportation».

Ny ahy karazana «information» ihany; zavatra mazava be fantam-poko, fantam-pirenena ary lasa ara-dalàna izany. Izay zavatra rehetra misy eto amintsika dia tsy misy mahasahy miteny. Tsia, satria voafidy imbetsaka aho; izay zavatra hita dia azo tenenina ary atao ao anaty fifanajana. Raha olona fantattro ka manao zavatra tsy mety dia adidy sy andraikitro no miteny azy. Ianareo izao mahafantatra an'izany rehetra izany; tsy misy diso ny zavatra noteneniko ary sahia ianareo mandray fanapanahan-kevitra na «petit poisson» na «gros poisson» izany; aza matahotra ianareo fa izahay hiaro ianareo.

Misaotra sy mankasitraka.

Teto, Ramatoa ANGELE Solange, indray no nitarika ny fivoriana.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, voafidy tao Toamasina I. Omena fitenenana Andriamatoa Tale Jeneralin'ny SAMIFIN hamaly an'izay fanontaniana izay.

**Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Misaotra, Tompoko.

Misaotra betsaka Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina amin'izay teny nataonao izay. Fa horaisinay ho fanairana izany sy «interpellation» dia manana zavatra ho hataonay izahay amin'izany satria ny anay lalàna no nametraka an'ity zavatra ity, didim-panjakana no manao azy dia tsy manatanteraka afa tsy izay voalaza ao izahay.

Ny tiako hohamafisina kely angamba, anisany zavatra nandreseko lahatra ny Filohampirenena ihany koa hoe raha hiady laharana amin'ity toe-karena ity dia ny «grand dossier» no tena hanatonana ny SAMIFIN fa tsy «le petit poisson» araky ny teninao teo mihitsy.

Izay no fomba hanatanterahan'ny SAMIFIN ny asany mandritra ny 4 taona aloha. Tena «grand dossier» izany no atao ao arak'izay tratra, arakaraka ny «information» voaray. Fantantsika fa misy tsy voarainay mihitsy satria tsy mandalo banky na tsy «declaré»-n'ny banky sy ny sisa.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena voafidy teto Antananarivo.

**Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré**

Misaotra Ramatoa Filoha.

Mialatsiny fa mateti-piavy.

Tena makadiry tokoa ny andraikitrareo Andriamatoa Tale Jeneraly satria raha mihaino ny ahiahin'ny Solombavambahoaka sy ny zavatra misy iainantsika eto dia midadasika be ny asanareo.

Izaho mahita fa raha ny mpiasa mety hiasa ao aminareo dia mety tsy ho ampy tsy mahasahana an'i Madagasikara.

Efa nanipika ihany ianao teo fa misy volavolan-dalàna alefa ato izay angatahana fankatoavana. Tsara ihany raha mba tonga aloha, Andriamatoa Tale Jeneraly, fa izay hahamora zavatra amin'ny fandraharahana no zavatra kendrentsika eto, sanatria tsy hifamingapingana na vahiny na Malagasy.

Misy manitikitika ny saiko horesahako hoe ny lalàntsika tamin'izay hoe rehefa plus de 50 millions d'ariary alefa any amin'ny Banky dia angataham-panazavana tsy fantatro raha mbola mitombona ihany.

Mikasika ny «importation, exportation». Ny «importation», raha ny famoahana ny volantsika mandeha any ivelany dia voafetra; izany hoe efa voafetra eo amin'ny «20 000 Euros» na «dollars» izay atao hoe tsy mahavita na inona na inona mihitsy izany dia tsy maintsy miverimberina. Ohatra izao misy “250 000 dollars”, mety miverina im-polo izany vao mahavita «envoi». Ny asa tsy ho vitanareo irery fa mila hifandiniha na any amin'ny Minisitera na mahatsara na maharatsy satria eo izany no anisany mahasarotra azy.

Ny manao «importation» dia angatahana «rapatriement de devise» fa raha ohatra tena arahana tsara miaraka amin'ireo Minisitera efa misy satria raha ny entana ilaintsika eto; ny 80 isan-jato dia mbola hafarana daholo. Io izany dia mila fandrindrana raha “20 000 dollars”. Izany entana 250 000 dollars izany, raha ataoko hoe «filière» iray aza tsy ho ampy na inona na inona izany.

Eo ihany koa ny «dépréciation» iainantsika isan'andro.

Makadiry ny andraikitraiseo koa mamporisika anareo satria io asa ataonareo io dia mampitovy lenta ny mpandrahara na vahiny na Malagasy.

Henontsika teo izao ny 80% dia «informel» daholo na mpandrahara malagasy na vahiny. Asa goavana be izany no mitarika antsika any amin'ny fahantrana foana ary tsy ho tafakatra eto isika na inona no hatao eto.

Isaorako be dia be ianareo ary mankasitraka indrindra; Andriamatoa Tale Jeneraly sy ianareo teknisiana.

Misaotra betsaka.

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimiera, RASOLONJATOVO Honoré indray no nitarika ny fivoriana teto.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena anao Andriamatoa Tale jeneraly, ny fitenenana.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin'ny SAMIFIM**

Misaotra indrindra nanome ny fitenenana Tompoko.

Ny andraikitry ny SAMIFIN, averina foana ny famotsiam-bola sy famatsiam-bolan'ny fampihorohoroana voalaza teo.

Misy lalàna hafa; ohatra hoe “politique monétaire”, ny fanjakana no mameatra hoe tahaka izao na tahaka izao, voarainay ny sosokevitra. Mety hiteraka “risque de blanchiment” io zavatra io na “facilité de financement terrorisme” dia tafiditra amin'ny andraikitray amin'izay ny manao “recommandation” na mikasika “secteur” manokana.

Ohatra hoe famerana ny vola mivezy. Rehefa hitanay hoe mety hiteraka “risque de blanchiment” dia manao “recommandation” any amin'ny Governemanta izahay hoe ity lalàna iray ity no tokony hokitihana kely, eto amin'ity “partie” ity fa miteraka “risque de blanchiment” dia izay angamba no “angle” itondranay azy.

Misaotra betsaka amin'ny sosokevitra.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra betsaka Andriamatoa Tale Jeneraly,  
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka NARISON Rafidimanana, voafidy tao Antanifotsy.

### **Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson**

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha sy Ramatoa Filoha eny amin'ny «Perchoir» ary ianareo namana rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena, amin'izao andro harivariva izao; na dia somary efa reradreraka ihany aza, tsy maintsy miteny.

Misaotra anareo avy ao amin'ny SAMIFIN, manome vaovao anay. Maromaro aminay no tena tsy mahafantatra hoe, inona no asan'ny SAMIFIN.

Androany dia mazava, Tompoko; hampitainay any amin'ny Distrika misy anay tsirairay avy any, hampitainay amin'ny namanay izay tsy tonga eto, satria ny isanay 151, vitsivitsy izahay no tonga eto, te-hahafantatra ary te-hampahafantatra ihany koa.

Hoy ny teny vazaha hoe “là où le bât blesse”. Hoy ny namako Roland RATSIRAKA teo hoe ny «fonds souverains» nankatoavinareo, nandalo teo amin'ny SAMIFIN, nekenareo ve ny “fonds souverain” izay nataon'ny fanjakana amin'izao fotoana izao; nanome “avis” ianareo hoe mety io “fonds souverain” ataontsika eto Madagasikara io. Fanontaniana iray izay.

Faharoa, sarotra dia sarotra ny asanareo, tanàna mahantra isika ary anisany tena faran'izay mahantra mila hevitra, mila “investisseur” kanefa avy aiza marina ireo vola ampiasaina ireo. Sarotra ny asanareo.

Fahatelo, raha ny novelabelarin'Andriamatoa Tale Jeneraly teo dia tsy polisy ianareo, tsy tribonaly ianareo, tsy manana “jurisdiction” fa izao no tena asanareo: “analyse financiare”. Eto aho dia miteny hoe sarotra, manome “courage” anareo izahay fa tena sarotra, satria raha amin'izao zavatra miseho izao, raha amin'izao vanin'andro iainantsika izao izay miseho any amin'ny “Douane” izao fa ny isan-jaton'ny vola tokony hiditra ato amin'ny Antenimierampirenena dia lany tsy hita ny “conteneur” atsy na ary. Misy mpandrahahaha ato aminay “lésé” amin'izany zavatra izany satria misy miditra antsokosoko, any Vohémar ohatra. Manafatra ny mpandrahahaha any aminay, manana vary izahay ato kanefa miditra antsokosoko ny vary satria tsy misy “taxe” ny vary, “lésé” izany ny mpandrahahaha Malagasy. Tsy “nationaliste” ny tenako, ianareo efa manana fiaraha-miasa amin'ny “douane”, kanefa ny “douane” miara-miasa aminareo tsy manao ny asany. Sarotra ny asanareo Andriamatoa Tale. Manome “courage” izahay eto amin'ny Antenimierampirenena. Amin'ny manaraka tongava ihany manome “information” anay. Izahay ato dia manana “prérogative” amin'ny maha-Antenimierampirenena anay, indraindray izy io tsy hajain'ny “exécutif”, tsy mbola voahaja hatramin'izao ny maha-Antenimierampirenena anay. Mety hiseho angamba izany afaka kelikely eo satria manana “prérogative” kely izahay hoe tsy mety aminay ny lalàna ohatran'izao, tsy mety aminay kosa ny ataonareo ohatran'izao, ento eto aminay Andriamatoa Tale Jeneraly, manetsiketsika izahay ary izay no tena asanay amin'ny maha-Solombavambahoaka anay.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka.

Asa raha manana teny ambara ianao, Andriamatoa Tale Jeneraly, omena anao ny fitenenana.

**Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana; Tale Jeneralin'ny SAMIFIN**

Misaotra betsaka nanome ny fitenenana.

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka, amin'ny fankaherezana, tena marina fa sarotra ny asanay. Mangataka anareo izahay hoatran'ny fankaherezana, araka ny noteneninao teo hoe manohana.

Rehefa ho avy ny lalàna vaovao, maharesy lahatra antsika hoe iny ny tokony ho "conforme" dia mba hifanosika isika hoe laniana arak'izay fa tombotsoan'ny firenena no resahana.

Tsy haiko na izaho no tsy naheno tsara hoe nanontany ve ianao hoe mety ve ny "fonds souverain" sy ny sisa.

Ny SAMIFIN tsy manome "avis", tsy ao anatin'ny "attribution"-nay mihitsy fa ny fanjakana no manao safidy hitantanana ny firenena. Ny anjaran'ny SAMIFIN dia izay politikam-panjakana momba ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny ady amin'ny famotsiam-bola amin'ny fampihorohoroana ihany. Tanterahanay ary "indépendant" izahay eo amin'ny fanatanterahana azy. Politikam-panjakana no ataonay ary tsy manome "avis" izahay fa kosa afaka manao "recommandation" izahay rehefa mahita fa misy "incidence" any amin'ny resaka famotsiam-bola sy ny sisa. Horaisinay an-tsoratra hoe mangataka izahay mba ho jerena manokana ny momba an'izao. Tsy afaka manome "avis" momba ny "fonds souverain" na ny "choix" an'ny fanjakana hoe ity ny "prix" amin'ny "vanille", fa mihoatra ny adidinay izahay raha manao izany ary mamita-bahoaka sady mamita-tena.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Tele Jeneraly.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka manaraka.

**Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred**

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Mankasitraka be dia be anao, Andriamatoa Tale Jeneraly, satria hitako hoe olona tena mahitsy sady mijery ny ataontsika hoe fahamarinana ho an'ny fierenena ianao. Mankasitraka ihany koa ny mpiara-miasa rehetra satria ny Solombavambahoaka namana dia nanazava mihitsy teo fa tena sarotra ny asanareo ary fantatry ny Solombavambahoaka mihitsy ny fahasarotan'ny asan'izany SAMIFIN izany. Tena sarotra, fa mankahery anareo ary amin'ny maha-Solombavambahoaka ny tena dia mankahery anareo izahay.

Ianao Andriamatoa Tale Jeneraly teo nanao hoe: rehefa tonga ato ny lalàna dia hifampijery sy hifanatona isika; fa ny fangatahanay dia mba afaka alefa alohaloha ve mba ahafahantsika manadihady azy mialoha sao misy tsy tafiditra.

Vonona hifanome tànana izahay fa izany no antom-pisianay Solombavambahoaka, hitondra ny hetahetan'ny vahoaka mba ahafahantsika manatsara ny lalàna hatrany.

Marina tokoa ny anao Andriamatoa Tale Jeneraly, satria hitanay fa nahay namaly ianao ary voavalinao tamim-pitoniana sy ampahendrena ny namako Roland RATSIRAKA sy ny namako RAFIDIMANANA Narson. Misy ny filazana hoe tsy kapoakanao izany ary tsy talentanao. Tsy tokony ho tandrify anao ny famaliana ny “fonds souverain”, tsy anjaranao izany, arak any voalazanao teo satria izahay Solombavambahoaka izay nandany tato dia anisany nahatsapa fa misy volantsika any amin’ny orinasa lehibe eto Madagasikara lasa mipetra-potsiny. Tokony hampiasaintsika mba hahafan’ny zavatra sasany mihodina. Izany akory tsy midika hoe miandry ny firenen-dehibe araka ny filazan’ny Solombavambahoaka namana, fa izay ananantsika no ahodina mba tsy hipetra-potsiny ao anatin’ny “case” iray fa mba hahafahan’ny toekarena mivoatra sy mitombo hatrany. Izay no mahatonga anay Solombavambahoaka nandany azy tato satria fantatray fa izahay koa anisan’ny teknisiana ihany.

Andriamatoa Tale Jeneraly sy ianareo avy ao amin’ny SAMIFIN; ianareo no mahafatantra hoe tokony hampiakatra ny toekarena eto Madagasikara izany satria lasa matory fotsiny ao anatin’ny “instance” iray ny vola. Fantatrareo SAMIFIN tsara fa hatreto ihany no “cadre” ananareo ary izay ihany no fahefana tokony ho anareo.

Ny ahy sosokevitra ihany ny momba ny “pneu” teo, fa ny tena zava-misy eto Madagasikara anie, amin’ny alalan’ny PPN no itondran’olona iray vola avy any ivelany. Matoa ny olona anankiray na dia mbola mpitovo aza manana “grate-ciel” ao anatin’ny fotoana fohy dia nisy zavatra nampiasainy tao, fantatsika rehetra izany. Misy aza ny sasany nitarika posy efa ela, fa tsy mba mety manana efitrano iray akory na mba hoe manaram-penitra aza satria ny hatsemoany mihitsy no ahafahany manao an’izay.

Mirary soa sy mankahery anareo hatrany amin’ny asa rehetra izay ataonareo.

Mankasitraka Andriamatoa Filoha, mankasitraka antsika Solombavambahoaka namana rehetra ato anatin’ity efitrano ity.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoakan’i Madagasikara.

Mbola manana teny holazaina ve, Andriamatoa Tale Jeneraly na ny mpiara-miasa aminy.

### **Andriamatoa RAJAONARISON Mamitiana, Tale Jeneralin’ny SAMIFIN**

Andriamatoa Filoha, misaotra anao nanome fitenenana.

Manantitra ny fisaorana ny Solombavambahoaka hajaina rehetra tamin’ny fankaherezana sy tamin’ny fanontaniana. Misy hotsakotsakoinay izany rehefa mifanakalo hevitra ohatran’izao.

Ny hadinoko ny niteny azy teo, ny paikadim-pirenena iadiana amin’ireo zavatra ireo dia efa eo andalam-pamaranana izany isika eto Madagasikara. Mino aho fa amin’ny faramparan’ity taona ity dia efa hivoaka hoe izao no “stratégie”-n’i Madagasikara hiadiana amin’izany fa tsy hoe ny “stratégie”-n’ny SAMIFIN irery.

Misaotra manokana, Andriamatoa Filoha.

Misaotra ny Antenimierampirenena iray manontolo nampiantrano anay androany. Voninahitra lehibe ho anay ny nahatongavanay teto. Ny tenako manokana dia izao vao niditra tato; voninahitra lehibe izany eto amin'ity toerana ity. Misy niteny hoe: lapan'ny demokrasia, fa ho anay dia eto no fiandohan'ny fitantanana ny firenena. Lalàna no havoaka eto, lalàna daholo no mifehy ny zavatra rehetra eto, fa efa tsy any amin'ny "stade"-n'ny tany amin'ny "antiquité" intsony isika.

Zava-dehibe loatra aminay ny nahafahanay nizara sy nihaino antsika teto satria miankina amin'ny zavatra vita eto ny fiainam-pirenena ka ny lalàna izay hatolotra manaraka eo dia halefany mialoha satria efa nifanarahana tamin-dRamatoa Filoha izany. Izay lalàna ho lany eo koa dia tena hampiharina araky ny tokony ho izy satria izay no tena safidin'ny vahoaka Malagasy hanatanterahana azy.

Manantitra ny fisaorana avy amin'ny SAMIFIN iray manontolo.

Misaotra Tompoko.

- 5 -

**- Fiatoan'ny Fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, satria tsy misy manan-kolazaina intsony dia hofaranantsika ny fotoana.

Mialohan'izany dia tolorana fisaorana sy fankasitrahana ianao Andriamatoa Tale Jeneralin'ny SAMIFIN sy ireo mpiara-miasa aminao nanao ny fampahafantarana sy fanazavana teto; namaly ny fanontaniana izay nanitikitika ny sainay Solombavambahoaka koa.

Eto ampamaranana, tiako ny mampahafantatra atsika, fa rahampitso Alakamisy 4 Novambra 2021 amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahankevitra mikasika ny "Proposition de loi n°003-2021/PL du 03 juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°11-002 du 15 juillet 2011 portant code de la santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe» koa manentana antsika samy havitrika amin'ny fiatrehana izany.

Miato hatreo ny favorantsika.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 5 ora sy 35 minitra, hariva, ny favoriana.

